FITSARANA SY FIFIDIANANA

Tsy mitovy ny HCC sy ny Tribunal Administratif

Ny firenena repoblikana rehetra dia ahitana fahefana telo miavaka tsara dia ny fahefana mpanatanteraka, ny fahefana mpanao lalàna ary ny fahefana mpitsara.
Ho antsika eto Madagasikara ny fahefana mpanatanteraka dia ny Filohan' ny Repoblika sy ny fitondrampanjakana tarihan'ny Praiministra no faratampony, ny Antenimiera roa tonta no fahefana mpanao lalàna ary ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) dia ao amin'ny fahefana mpitsara.
Mahakasika ny fahefana mpitsara no tiana asiandresaka, raha teo amin'ny tantarampirenena dia Filankevitra Ambony momba ny Andrimpanjakana no anarana nentin'ny fahefana mpanao lalàna tamin'ny Repoblika voalohany, fa nanomboka tamin'ny Repoblika faharoa dia Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana no anarana nosaloran'ny fahefana mpitsara.
Ny azo ambara dia fitsarana manana endrika politika ny HCC, satria ireo mpikambana ao dia voatendry avy amin'ny resaka fizaran-toerana(quotas), avy any amin'ny andrimpanjakana samihafa, ary ireo voatendry ireo ihany koa dia tsy mpitsara akory ny sasany fa notendrena noho ny antony politika, ohatra toa an'i Andriamatoa Mananjara tamin'ny fitondrana tetezamita tamin'ny 1992, Admnistrateur civil izy, kanefa dia Mpitsara avo no iantsoana azy ary ny ohatra akaiky indrindra sy tsy takona afenina dia Ingahy Jean Eric Rakotoarisoa, izay mpampianatra lalàna teny amin'ny Oniversite fa tsy mpitsara velively kanefa dia voatendry ho mpitsara avo, dia nisy ny fifampifidianana teo amin' ireo voatendry dia ilay tsy mpitsara no voafidy ho filoha.
Fa ny "Tribunal administratif", na fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana kosa dia mpahay lalàna tena niofana ho mpitsara no ao, ary nandalo ny fitsapana rehetra sahaza ny mpitsara, noho izany dia azo antoka fa haneho ny fahefana maha-mpitsara azy izy ireo amin'ny fitsarana ny raharahampifidianana momba ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsainan'ny tanàna, fa tsy sanatria hanao toy ireo tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), izay efa niaraha-nahita ny nataony tamin'ny fifidianana filohampirenena sy solombavambahoaka, hita mibaribary fa fitsarana politika tsotra izao no nataony.

Ny Valosoa

Fandriampahalemana tsy voafehy

Niraraka indray anefa ny Kintana

Tamin'ny filankevitry ny ministra farany teo dia nisy indray ny fampiakarana ho jeneraly, maromaro ho ilay tsy mahay manisa. Niraradraraka indray arak'izany ny Kintana ao anivon'ny Foloalindahy Malagasy dia tao anivon'ny tafika sy ny zandarimariam-pirenena.
Ireo tompon'andraikitra ambony ao amin'ny tandroka aron'ny vozona, natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany no nisitraka izao fahasoavana makadiry izao, ny tsikaritra aloha dia tsy voafehy ny fandriampahalemana manerana an'i Madagasikara, mandry andriran' antsy ny vahoaka, tsy afamamokatra, ny hasarotampiainana mamely, kanefa dia ny fampiakarana galona no nataon'ny fitondrana ho laharampahamehana.
Fa ny mahatsikaiky dia ilay filazan-dRamatoa mpitondra tenin'ny fitondrampanjakana manao hoe: araka ny tolo-kevitra avy amin'ny ministry ny fiarovampirenena no nanaovana ilay fizarana kintana, izany hoe nisy izany ny fanandrantantena tao nataon'ingahy ministra sy ny mpiara-miasa aminy akaiky, izay marihina fa tsy ilay kintana nandrandrain'ireo Magy akory ireo, fa kintana eny antsoroka ihany.

Ny Valosoa

ORTM

Sarintsarina fifaninanana no natao anaronana fampidirana mpiasa zanaky ny havana sy ny namana

Mitohy ary miha-mafy hatrany ny antsojay ataon'ny Minisitry ny serasera sy ny kolontsaina (MSK) sy ny ekipany, amin'ireo mpiasampanjakana mampihodina ny Televiziona Malagasy. Raha tsiahivina dia niteraka resabe ny fandroahana mpiasa tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny vantany vao nandray ny toerana i Ramatoa Minisitra Lalatiana Rakotondrazafy. Niakatra teo amin'ny « plateau » ny vaovao an-tsarin'ny Televisiona Malagasy mihitsy ny tale jeneralin'ny Serasera, Fanahimana Tiaray nitondrany fanazavana petatoko nanontsanana ireo mpiasa noroahina. Nambarany fa fahadisoana goavana sy fanevatevana ny lehibe, na « insubordination » no nandroahana ireo mpiasan'ny tele sy radiompirenena ireo. Toy izao ny fijoroana vavolombelona nataon'ny iray tamin'ireo mpiasa voaroaka, izay antsointsika hoe Rivo : « Tamin'ny andiany voalohany ny hetsika « tagnamaro » nataon'ny Ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina teny amin'ny Hopitalin'i Mahitsy no nitranga ny tantara. Noterena nanao izany avokoa ny mpiasa rehetra avy amin'ireo sampandraharahan'ny MSK. Nisy mihitsy ny fanamarinam-pahatongavana atao mialoha sy aorian'ny asa atao, na dia an-tsitrapo aza no nolazaina fa hifanentanana amin'izany.» Marina tokoa ve fa nisotro zava-pisotro mahamamo ianareo kanefa mbola teo am-panaovana ny tagnamaro ? Rivo : « Nozarazaraina isaky ny sampandraharahan'ny Ministera ireo asa atao. Nanana ny anjara asa tandrify azy ny mpiasan'ny Kolontsaina, ny mpiasa birao isantsokajiny ary ny mpiasa ao amin'ny TVM sy ny RNM. Koa satria maro ny mpiasa ao amin'ny haino amanjerim-panjakana dia vita mialoha ny anjara asa tandrify azy ireo. Nanomboka niala tsikelikely ireo mpiasa rehefa nigadona ny tamin'ny 1 ora tolakandro. Teo ireo namonjy fodiana, nisy ihany koa ny mbola nijanona satria andro Sabotsy tamin'io, izany hoe andro tsy fiasana. Ireo tanora kosa dia nisafidy naka aina sy nanala hetaheta tao amin'ny toeram-pisotroana iray teny akaikin'ny Hopitalin'i Mahitsy. Tetsy ankilany anefa dia mbola tsy nahavita ny anjara asany ny mpiasa avy amin'ny sampandraharaha hafa. Nisy tamin'ireto farany no nangaladia nitady zava-pisotro, ka nahita ireo mpiasan'ny TVM sy RNM tao amin'ilay toeram-pisotroana, ka avy hatrany dia nanao tatitra tany amin-dRamatoa Minisitra. Vantany vao naheno ny tatitra i Ramatoa Minisitra dia nampiato ny asa nataony, ka niditra tao amin'ilay « Bar », nivazavaza sy nandrangaranga sazy ho an'ireo mpiasa tratrany tao. Nisy ihany koa ny tanankavanan'ny Minisitra no naka sary avy hatrany ireo mpiasa. » Ianareo hono namalivaly ny Minisitra ? Rivo : « Tsy marina velively izany. Tsy nisy nahaloabava izahay sady raiki-tahotra noho ny fampitahorana fandroahana. » Rehefa nande tokoa ny ora sy ny andro dia namoaka naoty amin'ny fandroahana ireo mpiasa ireo ny Minisitra tamin'ny alalan'ny Sekretera jeneraly. Mpiasa ECD avokoa izy ireo no voaroaka avy hatrany tsy misy fanazavana. Tsy voahaja ny zon'izy ireo satria tsy nisy akory ny fangataham-panazavana na « demande d'explication », izay dingana voalohany tokony harahana vao miroso amin'ny fandroahana. Niakatra teny amin'ny filankevitra mpamoaka sazy na « Conseil de discipline » ny raharaha. Rehefa natao ny fifanatrehana teo amin'ireo mpiasa sy ny tompon'andrikitry ny Ministeran'ny Serasera sy ny kolontsaina dia nibaribary ny tsy fanarahandalàna nataon'ny Minisitra sy ny ekipany tamin'ny fandroahana ireo mpiasa. Nanapaka ny mpitsara ny hamerenana tsy misy fepetra amin'ny asany ireo mpiasa noroahina ireo. Mandrak'androany, mbola tsy nanatantreraka izany ny Minisitra sy ny Sekretera jeneraliny, izay mieboebo manerana ny tanàna fa mpahay lalàna « Juriste » nefa tsy mahay mampihatra ny lalàna.
Ankoatra ny fandroahana mpiasa amin'ny fomba tsy manara-dalàna dia mamboly tontolo fampihorohoroana ao amin'ny haino amanjerim-panjakana ny Minisitra sy ireo mpanatanteraka ny baikony. Ventesina saika isan'andro ao amin'ny toeram-piasana ny hoe fandroahana mpiasa ECD hatramin'ny 50 isa sy fanaovana « affectation » ireo mpiasampanjakana tsy metimety amin'izy ireo. Raha ny mikasika ireo ECD izay misy efa niasa hatramin'ny 12 taona tao amin'ny TVM sy ny RNM dia nolazaina fa mandany vola satria maro loatra. Etsy ankilany anefa mikarakara fifaninanana « mipay talenta vao » ny Ministrera hampidirana mpiasa vaovao ahitana mpanolotra vaovao sy mpanentana fandaharana ary teknisiana. Tanora vao ampianarina ny asa, ary ny mpiasa ao amin'ny TVM sy RNM ihany no manofana azy ireo eny amin'ny CEFOM Ivato. Manahy mafy ny amin'ny ho avin'ity haino amanjerim-panjakana ity ireo mpiasa. Entina andrakofana ny fampidirana ireo zanaky ny avana sy ny namana fotsiny ihany fanaovana ny sarintsarina fifaninanana.
Raha ny mikasika ny fimenomenonan'ny mpihaino sy mpijery noho ny haratsin'ny kalitaon'ny sary sy ny feo, indrindra mandritra ny fampitana mivantana ny lalao ara-panatanjahatena samihafa dia toy izao ny marina hoy ny teknisiana iray ao amin'ny TVM, izay antsointsika hoe Jery : « Miracle no mbola mampihodina io televiziona io. Ny fahaiza-manao sy ny traikefa ananan'ireo teknisiana tranainy amin'ny fampiasana ireo fitaovana efa ratsy sy tsy maharaka ny toetrandro intsony no mbola mampihodina azy. Nisy ihany ireo fitaovana raitra sy manarapenitra nampideraina sy nanaovana fandaharana manokana mihitsy ny fanolorana azy, saingy indrisy fa efa tsy hita intsony izay nanjavonany. Angamba hisy hanokatra televiziona vaovao indray any ho any. »

Ny Valosoa

Sakafo Ny Valosoa

Korzety sy totonkena indray ny laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mba hampatsiro azy : azo asiana frômazy vache qui rit rehefa manendy ilay totonkena dia hafangaro tsara, na frômazy rapé kely raha misy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly hitsaboana ny aretin-tenda

Fomba natoraly hitsaboana ny aretin-tenda indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy mifidy vanim-potoana ny areti-tenda, ary isan'ny tena mampihetsika azy io amin'ny vanim-potoana mafana toa izao ny fihinanana zavatra mangatsiaka loatra: gilasy, ranomboankazo..., sy ireo voankazo manta.
-RAVINA FREZY: mba hampitoniana ny aretin-tenda, dia sasana madio tsara ny ravina frezy singany enina, dia ampangotrahina amin'ny rano 1 litatra; ary atao very sasaka (very sasaka: ampangotrahina ka raha rano 1 litatra no nampiasaina dia lasa atsasa-litatra sisa izy vao esorina ambony afo), dia ampangatsiahana, ka rehefa mahazo ny hafanana faran'izay tantin'ny tena dia atao gararaka, atao maraina atoandro hariva mandram-pitonin'ny aretina, manakana ny fihavian'ny kohoka koa ny fanaovana izany.
-TANTELY SY VOASARY MAKIRANA: voasary makirana eo amin'ny 2 hatramin'ny 3 isa no ampiasaina arakaraka ny habeny sy ny ranony, ka fihazana tsara dia esorina ny vaoniny, dia somary hafanaina kely avy eo, dia afangaro amin'ny tantely 2 na 3 sotro lehibe, ary azo ampiana menaka oliva kely iray sotro lehibe raha misy, hohanina izy vao vita iny,
-DIPOAVATRA SY TONGOLO GASY: ampangotrahina ny rano tokony ho 25 cl eo ho eo, dia arotsaka ao anatiny ny voa-na dipoavatra miisa 20 isa eo ho eo rehefa voatoto tsara, sy hasina tongolo gasy voatoto miisa 2, avela hangotraka tsara mandritra ny 5 minitra, dia tatavanina avy eo, sotroina, ka atao in-3 isan'andro ny fisotroana azy, tsara kokoa isaky ny hihinana vao karakaraina.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antsakoamanondro, distrikan'Ambanja, faritra Diana

Ny tanànan'Antsakoamanondro, distrikan'Ambanja, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. 56 m eo ny haavon'ity tanàna ity miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Vokatra any Antsakoamanondro ny vary, ny kafe, ny voasary, ny mahabibo,…